*Sahanasa mifandray amin'ny*

# Avia, hanaraka Ahy

***Ho an'ny takarivan'ny mpianakavy na fandalinana ny soratra masina, na atao fialam-boly fotsiny!***



HO AN'NY MÔZIÀ 4–6

## Manaraka ny dian-tongony

Nitandrina ny didy ny Mpanjaka Môzià ary "nandeha tamin'ny lalan'ny Tompo" (Môzià 6:6). Eo amin'ny tapa-taratasy iray dia manaova sarina tongotra ary hetezo izany. Soraty eo amin'ny dian-tongotrao ny fomba ahafahanao manara-dia an'i Jesoa. Apetraho amin'izay toerana ahafahanao mahatsiaro ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy ny dian-tongotrao.

**Ho an'ny ankizy madinika:**
Mandehandeha. Asaivo manaraka ny dian-tongotrao ny zanakao. Resaho ny fomba azontsika hanarahana an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovana ny zavatra nataony, tahaka ny fanampiana ny hafa sy fanaovana batisa.




HO AN'NY MÔZIÀ 7–10

## Manaraka ny mpaminany

Nampianatra i Amôna fa ny mpaminany dia afaka mahita ny zavatra ho avy (jereo ny Môzià 8:16–17). Avadiho any amin'ny pejy faha 2 mba hamakiana ny hafatry ny Filoha Nelson avy tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Inona no nampianariny antsika? Ataovy sary izany ary alefaso aminay amin'ny Namana.

**Ho an'ny zaza kely kokoa**
Hirao miaraka amin'ny ankizy ny "Araho hatrany ny Mpaminany" (*Bokin-kiran'ny ankizy*, 58). Isaky ny mihira ny teny hoe *mpaminany* ianareo dia tondroy ny sarin'ilay mpaminany.



SARY NATAON'I KATY DOCKRILL

HO AN'NY MÔZIÀ 11–17

## Hazavana ao anatin'ny haizina

Nampianatra i Abinadia fa i Jesoa Kristy no "fahazavana tsisy fiafarany izay tsy azo hamaizinina na oviana na oviana" (Môzià 16:9). Afeno ao anatin'ny trano ny zavatra iray. Piho ny jiro dia asaivo mitady izany ao anatin'ny haizina ny tsirairay. Avy eo dia afeno ilay zavatra ary andramo tadiavina amin'ny jiro mirehitra na lampe de poche izany. Iza no mora kokoa? Amin'ny fomba ahoana no anampian'i Jesoa antsika tahaka ny nanampian'ilay jiro anao?

**Ho an'ny ankizy madinika:**
Asaivo manao fampiharana amin'ny fampirehetana sy famonoana ny jiro ny zanakao. Avy eo dia resaho ny maha hazavana tsy hay afenina na vonoina an'i Jesoa Kristy.





HO AN'NY MÔZIÀ 18–24

## Fo mifamihina amim-piraisan-kina

Nampianatra antsika i Almà mba hananantsika fo "mifamihina ao amin'ny firaisan-kina sy ny fifankatiava[na]." (Môzià 18:21). Midika izany fa mila miaraka miasa isika sy maneho fitiavana ny hafa. Manaova kofehy misy kisarina fo mifampitohy ho fampahatsiahivana anao! Maneteza fo vita amin'ny taratasy ary soraty eo amin'ny tsirairay amin'izany ny anaran'ny fianakaviana. Lavaho ny fo tsirairay ary ampidiro kofehy izany mba hampifampitohy ireo fo. Ahantony ny kofehy misy fo anao amin'ny toerana izay ahitanao izany mazàna!

**Ho an'ny ankizy madinika:**
Anontanio ny zanakao ny zavatra iray izay tiany momba ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana. Lazao amin'ny zanakao ny zavatra izay ataony ka maneho fitiavana ny hafa!